



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

NY FIANTSOAN'ANDRIAMANITRA – LA VOCATION

Alatsinainy 22 jiona 2020
Lundi 22 juin 2020

MAHEREZA SY MAHATANJAHA (Jos. 1, 6 sy 7 ary 9)
FORTIFIE-TOI ET PRENDS COURAGE (Jos. 1, 6 puis 7 et 9)

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :
Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu : Jos. 1, 9 :

9 Tsy efa nandidy anao va Aho ? Koa mahereza sy mahatanjaha, aza matahotra na mivadi-po, fa momba anao Ny TOMPO Andriamanitrao amin'izay rehetra alehanao Amen ! - *Ne t'ai-Je pas ordonné : 'Fortifie-toi et prends courage' ? Ne sois pas effrayé ni épouvanté, car l'Eternel, ton Dieu, est avec toi où que tu ailles. Amen !*

Teny fampidirana – Introduction : Ry havana – *Chers frères et sœurs :*

Hira (Chant) chorale : Raha ny sofina

1. Raha ny sofina no tsy mandre
Na iniavina tampenana,
Manimba zava-dehibe
Ka manjary hanenenana.
Fa mba satrin'ny marenina
Ny mihaino feo samihafa
Tsy sitrany hamerimberenana
Hikiahanao mitafa.
Koa asakasakao izay manana
Sofina izay afaka mandre :
Tsy handala izay ananana,

Hinia harenina àry ve ?
Fa nomena anao ny tsara
Handraisanao izay lazaina
Tmbony io (tombony io) ary zara (zara),
Tandrovy aoka ho lalaina.

2. Fahiny mantsy nisy feo
Niantso mafy tany an'efitra.
Feo nanjary mankaleo
An'ireo tsy tia mandefitra.
Feo tsy azo nosakanana
Milaza asa fiomanana,
Miantso hanamboatra lalana,
Lalana (ho an')ny fihavanana.
Ny mikintaona hototofana,
Haetry koa ny tendrombohitra,
Ny lavadavaka rakofana,
Sorohina izay mivoitra.
Dia hatao mahitsy izany
Mba ho lalam-baovao
Ho an'ilay (ho an'ilay) Mpanjaka tamy (tamy)
Avy ao aoriana ao.
Ny mikintaona hototofana,
Haetry koa ny tendrombohitra,
Ny lavadavaka rakofana,
Sorohina izay mivoitra.
Dia hatao mahitsy izany
Mba ho lalam-baovao
Ho an'ilay (ho an'ilay) Mpanjaka tamy (tamy)
Avy ao aoriana ao.

FIZARANA 1 – PARTIE 1

Teksta 1 – Texte 1 : Jos. 1, 1-9 :

1 Ary rehefa maty Mosesy, mpanompon'Ny TOMPO, dia hoy Ny TOMPO tamin'i Josoa, zanak'i Nona, mpanompon'i Mosesy : 2 « Efa maty Mosesy mpanompoko. Koa mitsangàna, mità ity Jordana ity ianao sy ireo olona rehetra ireo ho any amin'ny tany izay omeko azy, dia ny Zanak'Isiraely. 3 Ny tany rehetra izay hodiavin'ny faladianareo dia efa nomeko anareo, araka izay voalazako tamin'i Mosesy. 4 Hatramin'ny efitra sy iry Libanona iry ary hatramin'ny ony lehibe, dia ny ony Eofrata, ny tany rehetra izay an'ny Hetita, ka hatramin'ny Ranomasina Lehibe any andrefana no ho taninareo. 5 Tsy hisy olona hahajanona eo anoloanao amin'ny andro rehetra hiainanao. Tahaka ny nombako an'i Mosesy no hambako anao koa : tsy handao anao na hahafoy anao Aho. 6 Mahereza sy mahatanjaha fa ianao no hampandova ity firenena ity ny tany izay nianianako tamin'ny razany homena azy. 7 Koa mahereza sy mahatanjaha tsara ianao,

hitandremanao hanao araka ny Lalàna rehetra, izay nandidian'i Mosesy mpanompoko anao : aza miala aminy, na ho amin'ny ankavanana, na ho amin'ny ankavia, mba hambinina ianao amin'izay rehetra alehanao. 8 Aoka tsy hiala amin'ny vavanao ity bokin'ny Lalàna ity, fa saintsaino andro aman-alina, hitandremanao hanao araka izay rehetra voasoratra eo. Ary amin'izany dia hahalavorary ny lalanao ianao sady hambinina. 9 Tsy efa nandidy anao va Aho ? Koa mahereza sy mahatanjaha, aza matahotra na mivadi-po, fa momba anao Ny TOMPO Andriamanitrao amin'izay rehetra alehanao.

1 Après la mort de Moïse, le serviteur de l'Eternel, l'Eternel dit à Josué, fils de Nun et assistant de Moïse : 2 « Mon serviteur Moïse est mort. Maintenant, lève-toi, passe le Jourdain avec tout ce peuple pour entrer dans le pays que Je donne aux Israélites. 3 Tout lieu que foulera la plante de votre pied, Je vous le donne, comme Je l'ai dit à Moïse. 4 Votre territoire ira depuis le désert et le Liban jusqu'au grand fleuve, jusqu'à l'Euphrate, tout le pays des Hittites et jusqu'à la mer Méditerranée vers le soleil couchant. 5 Personne ne pourra te résister tant que tu vivras. Je serai avec toi comme J'ai été avec Moïse. Je ne te délaisserai pas et Je ne t'abandonnerai pas. 6 Fortifie-toi et prends courage, car c'est toi qui mettras ce peuple en possession du pays que J'ai juré à leurs ancêtres de leur donner. 7 Seulement, fortifie-toi et aie bon courage en te conformant fidèlement à toute la loi que Moïse, mon serviteur, t'a prescrite. Ne t'en écarter ni à droite ni à gauche afin de réussir où que tu ailles. 8 Que ce livre de la loi ne s'éloigne pas de toi ! Médite-le jour et nuit pour agir avec fidélité conformément à tout ce qui y est écrit, car c'est alors que tu auras du succès dans tes entreprises, c'est alors que tu réussiras. 9 Ne t'ai-Je pas ordonné : 'Fortifie-toi et prends courage' ? Ne sois pas effrayé ni épouvanté, car l'Eternel, ton Dieu, est avec toi où que tu ailles ».

Fanamarihana 1 : – Commentaires 1 :

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny ankohonana sy ny fianakaviana mba - *pour le foyer et la famille pour que :*
 - handre ny antson'ny Tompo ho amin'ny fiaraha-miasa Aminy ny ankohonantsika ka hanaiky izany –
 - handinika ny fombàn'Andriamanitra azy ny ankohonantsika ka hiverina eo amin'ny Tompo ary hitandrina ny Teniny amin'ny fankatovana -
- ho an'ireo izay namoy havan-tiana mba – *pour ceux qui ont perdu un être cher pour que :*
 - hahatsapa ny fanatrehan'Andriamanitra azy izy ireo ao anatin'izao fotoan-tsarotra lalovany izao ka handray hery amin'izany –
 - hiorina eo amin'ny Tompo izy ireo ka hahita ny fampiononana azy avy amin'ny Tompo -

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Hira (Cantique) 643, 1-3 : Ô mandrosoa mba ho tena mpandresy :

1. Ô mandrosoa mba ho tena mpandresy
Dia mazotoa, miasà mitomboana,

- ∴ Raiso ny tsara, ka roahy ny ratsy,
Ka matokia an'i Jeso tokoa ∴∴
2. O mandrese, ny finoana tano,
Na dia mafana ny ady hatao,
∴ Ny fandresena homena ny mino,
Azy ny herin'ny Tompo izao ∴∴
3. Mba matokia ny hery tsy hita
Izay voatahirin'ny Ray ho anao,
∴ Ka voatolotra tao Gologota
Mba ho antsika rehetra izao ∴∴

FIZARANA 2 – PARTIE 2

Teksta 2 – Texte 2 : Jos. 1, 10-15 :

10 Ary Josoa nandidy ny mpifehy ka nanao hoe : 11 « Andeha mamaky ny toby ka mandidia ny olona hoe : 'Manamboara vatsy ho anareo fa raha afaka hateloana, dia hita ity Jordana ity ianareo ka hiditra sy handova ny tany izay omen'Ny TOMPO Andriamanitrareo ho lovanareo'. 12 Ary ny robenita sy ny Gadita ary ny antsasaky ny firenen'i Manase dia nilazan'i Josoa hoe : 13 'Tsarovy ny teny izay nandidian'i Mosesy, mpanompon'Ny TOMPO, anareo hoe : Ny TOMPO Andriamanitrareo manome fitsaharana ho anareo, ary homeny ho anareo izao tany izao. 14 Ny vadinareo sy ny zanakareo madinika ary ny biby fiompinareo dia hitoetra eo amin'ny tany izay nomen'i Mosesy anareo ety andafin'i Jordana. Fa ianareo lehilahy mahery rehetra dia samy ho voaomana hiady ka hita eo alohan'ny rahalahinareo hanampy azy, 15 mandrapanomen'Ny TOMPO fitsaharana ny rahalahinareo tahaka anareo, ka mba holovany kosa ny tany izay nomen'Ny TOMPO Andriamanitrareo azy. Dia hiverina ho any amin'ny taninareo ianareo ka handova azy, dia ilay nomen'i Mosesy, mpanompon'Ny TOMPO, anareo ety andafy atsinanan'i Jordana.

10 Josué donna cet ordre aux officiers du peuple : 11 « Parcourez le camp, et voici ce que vous ordonnerez au peuple : 'Préparez-vous des provisions, car dans trois jours vous passerez le Jourdain pour aller conquérir le pays dont l'Eternel, votre Dieu, vous donne la possession'» 12 Josué dit aux Rubénites, aux Gadites et à la demi-tribu de Manassé : 13 « Rappelez-vous ce que vous a prescrit Moïse, le serviteur de l'Eternel, quand il a dit : 'L'Eternel, votre Dieu, vous a accordé du repos et vous a donné ce pays'. 14 Vos femmes, vos petits enfants et vos troupeaux resteront dans le pays que vous a donné Moïse de ce côté-ci du Jourdain. Mais vous tous, les hommes vaillants, vous passerez en ordre de bataille devant vos frères et vous les aiderez 15 jusqu'à ce que l'Eternel ait accordé du repos à vos frères comme à vous et qu'ils soient aussi en possession du pays que l'Eternel, votre Dieu, leur donne. Alors vous reviendrez prendre possession du pays qui est votre propriété et que Moïse, le serviteur de l'Eternel, vous a donné de ce côté-ci du Jourdain, à l'Est ».

Fanamarihana 2 : – Commentaires 2 :

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny Fiangonana mba - *pour l'Église pour que* :
 - hanaiky ny Asa niantsoan'Andriamanitra sy nanendren'ny Tompo azy amin'ny fo mankato ny Fiangonana –
 - hanokana fotoana hiomanany laohan'ny hirosoany amin'ny fanaovana ny Asan'ny Tompo, amin'ny firaisana amin'ny Tenin'Andriamanitra, ny kristiana rehetra ka hanao ho vain-dohan-draharaha izany fiomanana amin'ny Tenin'Andriamanitra izany -
- ho an'ireo marary mba – *pour les malades pour que* :
 - hanararaotra izao fotoana mamparary azy izao mba handinihany tena ka hiverenany feno eo amin'Andriamanitra Tompo –
 - hanaikeny handray ny Famonjena efa nataon'Andriamanitra ho azy sy hanaikeny hanolo-tena tanteraka ho an'ny Tompo -

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Hira (Cantique) 639, 1-5 : Ry miaramila, mandrosoa izao :

1. Ry miaramila, mandrosoa izao,
Kristy Kapiteny mialoha anao.
Ao aloha tafika, loza, ratra be,
Fitsaharana tsy misy, misikina re.

Fiverenana :

- Ry miaramila, mandrosoa izao
Kristy Kapiteny mialoha anao.*
2. Any lehy ratsy no manotrika,
Any ny tsipika no milatsaka.
Tano ny finoana ho ampinganao
Entonao ho fandresena izao rehetra izao.
3. Aza miamboho na miherika,
Ao an-tratranao ny fiarovana.
Aza mba matahotra, fa sahia fandrao
Raha tsy mandresy, dia ho resy ianao.
4. Dia mandrosoa ianao izao
Ka miraisa dia aminay ho ao
Milofosa fatratra, aza ketraka,
"Miadia ny ady tsaran'ny Finoana".
5. I Kristy Kapiteny tapitra ohatra,
Izy no mpiaro ny mpanafika.
Miankina Aminy mafy ianao,
Ka aza mba ny tenanao no itokiana.

FIZARANA 3 – PARTIE 3

Teksta 3 – Texte 3 : Jos. 1, 16-18 :

16 Dia namaly an'i Josoa izy ireo ka nanao hoe : « Izay rehetra andidianao anay dia hataonay ary izay rehetra anirahanao anay dia halehanay. 17 Araka ny nihainoanay an'i Mosesy tamin'ny zavatra rehetra no hihainoanay anao koa. Homba anao anie Ny TOMPO Andriamanitrao tahaka ny nombany an'i Mosesy. 18 Izay rehetra mandà ny didinao ka tsy mihaino ny teninao amin'izay rehetra andidianao azy dia hatao maty. Koa mahereza sy mahatanjaha ianao ».

16 Ils répondirent à Josué : « Nous ferons tout ce que tu nous as ordonné et nous irons partout où tu nous enverras. 17 Nous t'obéirons entièrement, comme nous avons obéi à Moïse. Que l'Eternel, ton Dieu, veuille seulement être avec toi comme il a été avec Moïse ! 18 Tout homme qui sera rebelle à ton ordre et qui n'obéira pas à tout ce que tu lui ordonneras sera puni de mort. Seulement, fortifie-toi et prends courage » !

Fanamarihana 3 : – Commentaires 3 :

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'izay ao anatin'ny sedra mba – *pour ceux qui subissent des épreuves pour que :*
- ho an'ireo mpitsabo mba – *pour les soignants pour que :*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Hira (Cantique) 645, 1-4 : I Jesosy Kapiteninay :

1. I Jesosy Kapiteninay izao miantso izao,
Hiady no ilàna anay ka zovy no hanao ?
Izay mahafy hatraty, mahery fo tokoa
Ka tsy miraika hatrary : ireny no hanao.
2. Ny tany hotafihinay : izao tontolo izao
Ny tafika hikatrohanay : tsy ady mora atao.
Ny ota no hasianay ho ringana avokoa
Ny tany no hasondrotray ho Paradisa soa.
3. Indreo, ny maritiora soa no loha-làlanay,
Nalatsaka aina avokoa ka marika aminay.
Fandavan-tena lehibe no vitan'izy ireo,
Hodian-tsy hita foana ve ireo maritiora ireo ?
4. Ry Jeso Kapiteninay, izao anio izao
No anavaozanay indray ny fanompoana Anao
Atolotray Anao tokoa izao tenanay izao,
Ka hamasino avokoa hanao ny sitrakao.

FANDRAVONANA – CONCLUSION :

Teksta – Texte : Jeremia 1, 4-10 :

4 Tonga tamiko ny Tenin'Ny TOMPO nanao hoe : 5 « Hatry ny fony ianao tsy mbola noforoniko tany an-kibo no efa fantatro, ary hatry ny fony ianao tsy mbola teraka no efa

nohamasiniko sy notendreko ho mpaminany ho an'ny firenena ». 6 Ary hoy kosa aho : « Indrisy, TOMPO ô, indro, tsy mahay mandaha-teny aho, fa mbola zaza ».

4 La Parole de l'Eternel m'a été adressée : **5** « Avant de te former dans le ventre de ta mère, Je te connaissais, et avant que tu naisses, Je t'avais consacré, Je t'avais désigné prophète pour les nations ». **6** J'ai répondu : « Ah! Seigneur Eternel, je ne sais pas parler, car je suis trop jeune ».

7 Fa hoy Ny TOMPO tamiko : « Aza manao hoe : Mbola zaza aho fa handeha amin'izay rehetra hanirahako anao ianao, ary izay rehetra handidiako anao no hambaranao. 8 Aza matahotra azy ianao; fa momba anao hamonjy anao Aho », hoy Ny TOMPO. 9 Dia naninjitra ny Tanany Ny TOMPO ka nanendry ny vavako, ary hoy Ny TOMPO tamiko : « Indro, efa nataoko ao am-bavanao ny Teniko, 10 ary indro Aho manendry anao izao andro anio izao hanam-pahefana amin'ny firenena sy ny fanjakana hanongotra sy hanjera sy handrava sy handrodana ary hanorina sy hamboly ».

7 L'Eternel m'a dit : « Ne prétends pas que tu es trop jeune, car tu iras trouver tous ceux vers qui Je t'enverrai et tu diras tout ce que Je t'ordonnerai. **8** N'aie pas peur d'eux, car Je suis moi-même avec toi pour te délivrer », déclare l'Eternel. **9** Puis l'Eternel a tendu la Main et a touché ma bouche avant d'ajouter : «J'ai mis mes Paroles dans ta bouche. **10** Vois, aujourd'hui, Je te confie une responsabilité envers les nations et les royaumes : celle d'arracher et de démolir, de faire disparaître et de détruire, de construire et de planter ».

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô, izay any an-danitra,
Hohamasinina anie ny Anaranao,
Ho tonga anie ny Fanjakanao,
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

Notre Père qui es aux cieux,

Que ton Nom soit sanctifié,

Que ton Règne vienne,

Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.

Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.

Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.

Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous de mal.

Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !

Hira (Chant) chorale : Aza manamafy ny fonao

Aza manamafy ny fonao efa voageja
Tsy hanan-tsafidy anatin'ny aizin'ny ota,
Fa aoka hatoky ilay maty ho anao
Nandatsaka ny Rany mba ho Famonjena anao.
Izao tontolo izao anie sy izay rehetra eo Aminy
Dia zava-poana avokoa tsy azo antenaina.
Aza manamafy ny fonao efa voageja
Tsy hanan-tsafidy anatin'ny aizin'ny ota,
Fa aoka hatoky ilay maty ho anao
Nandatsaka ny Rany mba ho Famonjena anao.
Fa tsy ho fantatrao tokoa izao na ampitsonao
Satria anio no farany hahavelomanao.

Tso-drano – Bénédiction :

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !
Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !
Hampampiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !
Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa grâce !
Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !
Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la paix !

Fanirahana - Envoi :

Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, Amen ! Mandehàna amin'ny fiadànana, ka manompoa ny Tompo amin'ny fifaliana.
Gloire soit au Dieu, Père, Fils et Saint-Esprit, depuis toujours et à jamais ! Amen ! Allez en paix et oeuvrez pour le Seigneur dans la joie !

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !